# ALAHADY FAHA 17 MANDAVANTAONA A 2023



## *I JESOA ILAY VATOSOA SAROBIDY*

Ry Kristianina havana, ny fivelomantsika ny maha-vavolombelona antsika eo anivon'ny fiarahamonina ka mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika dia mitaky safidy matotra ary mitaky fahendrena izay tsy arak'izao tontolo izao fa ilay fahendrena omen'Andriamanitra tsilovin'ny Fanahy masina antsika. Izany ny foto-pampianarana amin'izao Alahady faha-17 mandavantaona handalinantsika ny finoantsika izao. Nahatsapa an'izany ny Mpanjaka Salomona henontsika tamin'ny vakiteny voalohany androany fa ny faharitantsaina sy fahendrena tena izy dia tovozina ao amin'Andriamanitra fa tsy eo anivon'ny herin-tsaina na vokatry ny harena fotsiny. Ny tena harena marina dia ny fahendrena izay manampy ny olona hanana ny fivelarana ny maha-olona manontolo sy ny olondrehetra. Izany indrindra no tantaran'i Salomona zanak'i Davida mpanjaka rentsika tamin’ny vakiteny voalohany. Araky ny fifidianana sy ny fiantsoan'Andriamanitra dia izy no fantatsika fa nitondra ny vahoaka, tsapan'i Salomona fa tsy mandeha ho azy izany fa mila ny fahendren'Andriamanitra ka hoy izy: " *Ary ankehitriny, Andriamanitra Tompo ô, efa nampanjaka ny mpanomponao handimby an'i Davida raiko ianao; izaho anefa dia mbola tovolahy tanora kely tsy mahay mitondra tena. Ary ny mpanomponao dia eo afovoan'ny vahoakanao, izay nofidinao, vahoaka be dia be, tsy azo vinavinaina ny habetsahany, tsy tambo isaina, fa maro be loatra.*

> **Vakiteny I :** Mpanjaka 3,5.7-12.
> **Tononkira :** Salamo 119
> **Vakiteny II :** Rôm. 8,28-30.
> **Evanjely :** Matio 13,44-52.

*Koa saina mahiratra no omeo ny mpanomponao, hitsarako ny vahoakanao, hanavahako ny soa sy ny ratsy. Fa iza moa no hahay mitsara izao vahoakanao maro be izao!"*

Ry Kristianina havana amin'izao andro iainantsika sy ny zava-misy atrehin'ny firenentsika izao dia aoka isika hivavaka ho an'ireo mpitondrantsika. Enga anie izy ireo hahatsapa tahaka an'i Salomona fa mila

fiovam-penitra mahery vaika izao andro iainantsika izao ka hangataka amin'Andriamanitra ny fahendrena sy faharitan-tsaina. Mivavahà isika mba hanana an'izany toetra izany ireo mpitondrantsika ary isika tsirairay avy mba hanana ny faharitan-tsaina sy fahendrena koa.

Mitaky safidy izany rehetra izany satria maro ny fakam-panahy mety hisintona antsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Aoka àry, araky ny Evanjely izay norenesintsika teo, raha te-hahazo ny sarobidy isika, raha te-hahazo ny soa isika dia tsy maintsy avelantsika sy afointsika na dia izay heverintsika fa tsara aza. Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny rakitra nafenina teny an-tsaha tsy hitan'ny olona, ka lasa tamin'ny haravoana izy nivarotra an'izay mety ananany mba ho afaka hividy an'io saha io. Namidiny ny fananany, izany hoe tsy maintsy mahafoy isika na dia ny tsara aza mba hahazoana an'izay voahangy tsara izay. Izany àry no ampianarin'ny Eglizy amintsika amin'ny fiekem-pinoana ataontsika mba tsy ho tratry ny fakam-panahy sy hahafahantsika mandray ny tena tsara.

Ry Kristianina havana, miatrika krizy mafy isika izao. Mampiteny moana. Manakaiky koa ny fifidianana. Nisy taratasy roa lehibe navoakan'ny Raiamandreny Eveka dia ny taratasin'ny Vaomieran'ny Rariny sy ny Hitsiny ary ny Fandriampahalemana ary avy amin'ny Fivondronamben'ny Eveka. Samy nametraka ny mety ho toetoetry ny mpilatsaka ho Filoham-pirenena izy ireo. Tsara vakintsika eto io toetra io hampifandraisintsika amin'ny vavak'i Salomonona.

"*Ny momba ny olona tokony hofidiana, na dia eo aza ny feon'ny fieritreretan'ny tsirairay izay tena hajaina tokoa, dia mba tianay ihany ny mampahatsiahy ny toetra tokony hananany. Olo-marina sy hendry ary tia tanindrazana na ny marina kokoa mahafoy ho an'ny tanindrazana no ilain'i Madagasikara, izany hoe olona mpanara-dalàna sy sarotiny amin'ny lalàna, tsy mizaha tavan'olona. Tsy maintsy ho olona manana ny maha-izy azy ihany koa, ka tsy voafatotry ny politikan'ny antokony na ny tombontsoan'ny fianakaviany na ny faritra niaviany. Ary ny tena ilaina amin'ity fifidianana ity dia olona mahay mihaino ka vonona sy manana vina mazava hanarina izao fahantrana lalina mahazo ny vahoaka malagasy izao; tsy hanilika andraikitra amin'ireo mpitondra teo alohany fotsiny. Olona misokatra amin'ny hafa koa no ilaina sady afaka mampisokatra ny firenena amin'ny hafa, satria tsy miteraka afa-tsy fizarazarana ny fitiavan-tanindrazana manilika ny hafa, araka ny fampahatsiahivan'ny Papa François*" .

Mazava io hafatry ny Raiamandreny Eveka ary tena mifandray amin'ny vavak'I Salomona. Mitaky safidy matotra ireo toetra voalaza ireo. Izany indrindra no tian'I Jesoa ambara amin'ireo fanoharana maro omeny ao amin'ny Evanjely mikasika ny fanjakan'ny lanitra : " *Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny harato nalatsaka tany anaty ranomasina, ka nanangona izao karazan-kazandrano rehetra izao; rahefa feno izy dia nosarihana ho eny amoron-drano, ka nipetraka ny olona nifantina ny tsara hataony an-karona, fa ny ratsy kosa nariany. Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpandranto mitady voahangy tsara. Ary nony nahita anankiray be vidy izy, dia lasa nivarotra ny fananany rehetra ka nividy azy*"

Ireny fanoharana rehetra ireny raha fintinina dia entin'i Jesoa mampianatra antsika fa tsy maintsy misy safidy matotra atao amin'ny fiainantsika mba hahazoantsika ny fahasoavana. Niany tokoa ny hoavy fa tsy rahampitso ka arakaraky ny andrafetantsika ny fiainantsika androany no isotroantsika ny soa rehetra amin'ny hoavy. Raha mamboly hazo androany isika dia afaka mialokaloka aminy any aoriana fa raha manapotika kosa isika dia fantaro fa ho potika koa ny hoavintsika. Aoka ho

"génération" mpanorina sy mpanavao isika fa indrindra isika tanora fa tsy sanatria ho mpandrava. Afaka hanatanteraka an'izany isika raha manaraka ny fampianarana ataon'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa : "*Fantatsika koa fa ny zavatra rehetra dia entin'Andriamanitra hahasoa izay tia azy, dia ireo efa voantso araka ny fandaharany. Satria izay fantany rahateo no notendreny hitovy endrika amin'ny Zanany koa, mba ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro izy. Ary izay notendreny no nantsoiny koa; izay nantsoiny no nohamarininy koa; izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa"*

Raha mikolokolo an'ireny talenta omen'Andriamanitra antsika ireny isika ka tsy entintsika hanilikilihana ny hafa fa entina hampivondrona (constructeur, bâtisseur) dia hanao tetezana isika, hoy ny Papa, entin'Andriamanitra hanasoa antsika izany. Enga anie isika tanora jiaby, isika olo araiky jiaby hitovy endrika amin'i Jesoa, amin'izay dia isika no Kristy mpiara-belona eo anivon'ny manodidina antsika ka hitondra ilay harena, voahangy tsara tahaka ny amin'ny fanoharana henontsika tamin'ny Evanjely dia tsy iza fa i Kristy. Enga anie hazava saina isika, hazava saina ny mpitondra antsika, hitondra an'i Kristy ilay harena ka handroso ao anatin'ny fiadanana isika mianakavy.

Izany rehetra izany no tanterahantsika amin'izao Sinaody faha-7 fa indrindra amin'izao fijanonana faharoa izao ka andinihantsika ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO SY MIKOLOKOLO TONTOLO IAINANA. Aoka àry hararaotintsika izay dinika rehetra ataontsika handrefetantsika torolalana afahantsika manarina indray ny Tranobe Iombonana efa ho robaka ka hivelomantsika ny vôkasiontsika araka ny naharian'Andriamanitra antsika.

Ry Jesoa zokinay ô, enga anie izahay ho vonona hahafoy ny zavatra izay tsy mifanaraka amin'ny sitrakao kanefa mahasarika anay. Enga anie izahay ho tahaka an'ilay ao amin'ny evanjely, vonona hahafoy eo am-pitadiavana ny tena vatosoa sarobidy izay tsy iza fa Ianao Jesoa Kristy ilay hasambarana. Raha manana Anao izahay dia halemy fanahy ka handova ny tany ary indrindra hahay hanasoa ny hafa eo amin'ny mpiara-belona aminay. Amin'izay dia izahay tokoa no Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina anay mba hahafantarany fa Ianao no ilay vatosoa sarobidy, ianao no harena sarobidy ka hifidy Anao koa izy ireo. Tsy izahay anefa no nifidy Anao fa Ianao no nifidy anay ka ombao ny fahasoavanao mandrakariva izahay mba ho mendrika anao amin'ny fiainanay andavanandro ka hahatonga anay tokoa ho "Génération Mpanorina" fa indrindra amin'izao fanatanterahan'ny Sinaody izao. Masina Maria Renin'I Jesoa tantano mandrakariva izahay amin'ny safidy ataonay ka ho safidy hitondra anay amin'I Jesoa ilay hany harena sarobidy. Md Josefa ô mivavahà ho an'ny fianakavianay mba ho Eglizy kely vonona mandrakariva ho mpiaro sy mpikolokolo ny tontolo iainana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson